**A Nita an'i Jordana (Josoa 3):**

- **Mila fahamasinana**
  - Nandritra ny 40 taona, ny andri-rahona no nanambara ny fotoana fiaingana sy handehanana, ary ny fiaran'ny fanekena no nitarika ny Isiraely ho any amin'ny toerana hitodiany (Nom. 9:17; 10:33).
  - Tonga ny fotoana hifindrana. Nanainga tao Sitima izy ka nitoby telo andro tany an-dafin'i Jordana. Avy eo dia nahazo baiko hanaraka ny fiaran'ny fanekena ho any amin'ny Tany Nampanantenaina izy ireo (Jos. 3:1–3).
  - Ny fanarahana ny fiaran'ny fanekena dia
    1. Fankatoavana an'Andriamanitra (Ny didy 10)
    2. Fahatokiana ny fiahian'Andriamanitra (ny vata misy mana)
    3. Fanajana ny mpitarika notendren'Andriamanitra (tehin'i Arona)
  - Nisy fepetra anefa: tsy maintsy nohamasinina izy ireo (Jos. 3:5). Tao anatin'izany fanokanan-tena izany ny dingam-pidiovana (fanasana ny lamba sy vatana), ny fahafoizana ny ota, ary ny fananana toe-tsaina vonona hankato ny didin'Andriamanitra.
- **Ny fahagagana ataon'Andriamanitra**
  - Andriamanitra "irery ihany no manao fahagagana" (Sal. 72:18). Noho izany, Izy irery ihany no Andriamanitra ho antsika (Sal. 86:10); mahatsiaro ny fahagagana ataony isika (Sal. 77:11); ary mitantara ny fahagagana ataony isika (Sal. 96:3).
  - Tsy misy zavatra tsy hainy atao na sarotra loatra ho Azy, dia Izy Izay nahary ny zava-drehetra (Jer. 32:17; Lio. 1:37). Koa afaka matoky isika fa mbola manao zava-mahagaga eo amin'ny fiainantsika koa Izy (Sal. 107:8).
  - Ny fiampitana an'i Jordana dia iray amin'ireo fahagagana nataon'Andriamanitra, izay manondro ara-paminaniana ny iray amin'ireo fahagagana lehibe hafa nampanantenain'Andriamanitra fa hatao ho antsika: ny fidirana ao amin'ny Kanana any an-danitra (Zak. 8:6-8).

**B Tsarovy ary adinoy (Josoa 4):**

- **Famantarana ho fahatsiarovana**
  - Mety hanana heviny maro ny famantarana ao amin'ny Baiboly: Asa mahagaga (1 Mpanjaka 13:3); tandindona (Gen. 9:13); fampitandremana (Eks. 12:13); fanavahana (Ezek. 20:20); fahatsiarovana (Gen. 28:18).
  - Ireo vato 12 nalaina tao Jordana izay natsangan'i Josoa ho famantarana dia anisan'io karazany farany io: fahatsiarovana.
  - Ankoatra ny fahatsiarovana, inona no tanjon'Andriamanitra tamin'ny fangatahana ny hananganana ireo vato ireo (Jos. 4:6-7)?
  - Tsy maintsy mahafantatra izay nataon'Andriamanitra ny taranaka vaovao. Tsy maintsy miorina amin'ny fahagagana nataon'Andriamanitra ny finoan'izy ireo. Andraikitry ny ray aman-dreny ny mampita izany fahalalana izany amin'ny zanany (Deot. 4:9). Amin'izany fahalalana izany no tsy maintsy hiainan'ny tsirairay avy amintsika ny finoantsika manokana.
- **Ny loza ateraky ny fanadinoana**
  - Misy teboka roa nohamafisin'i Josoa rehefa natsangana ireo vato fahatsiarovana 12 tany Gilgala (Jos. 4:23):
    1. Nataon'Andriamanitra maina teo anoloa***ntsika*** ny Ranomasina Mena (Josoa sy Kaleba ary ny olona vitsivitsy izay mbola velona tamin'ny taranaka nivoaka avy tany Egypta)
    2. Nataon'Andriamanitra maina teo anoloa***nareo*** ny ony Jordana (ilay taranaka vaovao teraka tany an'efitra, ary voatokana hambabo an'i Kanana)
  - Atahorana hanao fahadisoana mitovy amin'ny an'ireo ray aman-dreniny ny taranaka vaovao: hanadino ny asa lehibe nataon'Andriamanitra. Indrisy fa nanadino tokoa izy ireo ary nizaka ny vokany (Mpits. 3:7-8).
  - Koa zava-dehibe tokoa ny hitadidiantsika ao an-tsaina ny fomba nikarakaran'Andriamanitra ireo ray aman-drenintsika, sy ireo fotoana izay nahitantsika maso ny herin'Andriamanitra!

**D Ny tsagambaton'ny ony Jordana**

- Vanim-potoana roa ara-tantara izay mifamatotra ho tsangambaton'ny tantaran'ny fanavotana ny fiampitana ny Ranomasina Mena sy ny onin'i Jordana (Sal. 66:6; Sal. 114). Miara-manamarika ny fanafahana antsika amin'ny ota sy ny fahazoana ny fiainana mandrakizay izy ireo.
- Tena zava-nisy tamin'i Elia ny fiampitana ny Reniranon'i Jordana tamin'ny fomba mahagaga sy ny nitondrana azy ho eo anatrehan'Andriamanitra (2 Mpanjaka 2:1, 7, 8, 11).
- Ho an'i Elisa kosa, dia famantarana ny fandraisana ny Fanahy Masina io toe-javatra io ihany, ka nahafahany nanatanteraka ny asa nanirahana azy (2 Mpanjaka 2:14-15).
- Nisy vokany mitovy amin'izany koa teo amin'i Jesosy ny fidirana tao amin'ny ranon'i Jordana, izay nandraisany hery tamin'ny Fanahy Masina hanatanterahany ny asa nanirahana Azy: hanafaka antsika amin'ny ota sy hanome antsika ny fiainana mandrakizay (Marka 1:9-11; Jaona 1:29; 3:16).